PROFIL DU CHRETIEN MUR

Comment expliquer à une personne venant d'un pays tropical - qui connaît tout au long de l'année une température moyenne comprise entre 25 et 30° C - que les rigueurs de l'hiver qui peuvent descendre sous nos latitudes jusqu'à - 20° C et enfouir un paysage enneigé sous les brumes de l'hiver, laisseront place quelques mois plus tard à un paysage d'été ensoleillé à souhait, porteur de fruits de toutes sortes et complètement métamorphosé ?

Pour passer de la saison froide à la saison chaude, de multiples et imperceptibles transformations vont avoir lieu dans la nature qui ne sont pas toujours visibles à l'œil nu, ni repérables sur le champ. Et il faudra attendre de discerner un ensemble de signes annonciateurs de la nouvelle saison avant de pouvoir dire « ça y est: l'été est là ! ».

Il en est de même avec la maturité chrétienne. Elle est le résultat souhaitable, normal et naturel d'un processus graduel que la Bible appelle la sanctification. Et s'il est vrai qu'ici-bas nous ne pourrons jamais prétendre atteindre la perfection, nous devons néanmoins nous considérer comme étant en cheminement: « nous sommes Son ouvrage» (Ephésiens 2 [10]). Le Seigneur est à l'œuvre dans notre vie, nous sommes Son chantier: le travail est en cours et même s'il faut attendre encore un certain temps pour pouvoir contempler la main du Maître sur Son ouvrage, il n'empêche que nous progressons de jour en jour dans la ressemblance à Jésus-Christ dans la mesure où, bien évidemment, nous assumons la responsabilité qui nous incombe dans notre sanctification personnelle.

NY ENDRIKY NY FAHAMATORANA KRISTIANINA

Ahoana no anazavana amin'ny olona iray avy any amin'ny tany mafana nahalala mari-pana eo anelanelan'ny 25°C sy 30°C mandritry ny taona sy ny hahenjan'ny ririnina mety midina hatramin'ny - 20°C tanàna an-tsary iray fotsin'ny fanala sy ny zavon'ny ririnina fa hisolo tanàna an-tsary fararano feno masoandro nirina izany sy hamokatra amin'ny lafiny rehetra ary hiova tanteraka afaka volana vitsivitsy ?

Fiovana maro tsy takatra jerena no mitranga eo amin'ny tontolo tsy hita maso foana no tsikaritra eo no ho eo rehefa ny hafanana no misolo toerana ny hatsiaka. Ilaina ny miandry hahafahana manavaka marika maro mpilaza fizaran-taona vaovao alohan'ny hilazana hoe : "Izay ! Io ny fararano !".

Torak'izany ny fahamatorana kristiana. Izy no vokatra irina, ara-dalàna sy vao-janahary avy amin'ny fandehan-javatra tsikelikely antsonin'ny Baiboly hoe : " FANAMASINANA". Marina fa tsy afaka ho tratrantsika ny lafatra kanefa tsy tokony hieritreritra izany isika eny am-pandehanana : "Fa asany isika" (Efesiana 2:10). Ny Tompo dia miasa eo amin'ny fiainantsika. Isika dia Asany. Mandeha ny asa ary na tsy maintsy hiandry aza hahafahana mibanjina ny asan'ny tànany, tsy misakana antsika ny tsy handroso isan'andro izany amin'izay hitovizana amin'i Jesoa Kristy ary mazava ho azy amin'izay raharaha iandraiketantsika any amin'ny fanamasinana ho an'ny tena.

Et il y a des signes révélateurs et annonciateurs de la maturité chrétienne qui ne trompent pas et qui permettent de discerner si, oui ou non, cette qualité de vie progresse en nous.	Misy marika mpilaza ny fahamatorana kristiana izay tsy mamitaka mihitsy ary afaka manavaka , raha eny na tsia, ka mandroso ao amintsika izany hatsaram-piainana izany.
La maturité ne s'acquiert donc pas à coup de recettes, ni ne résulte de secrets savamment acquis par une élite spirituelle qui vivrait au-dessus du commun des chrétiens ... L'accession à la maturité spirituelle se déroule tout naturellement, en l'absence de crise aigüe de croissance et de signes ponctuellement repérables, de manière comparable au passage de l'état de l'enfance à celui de l'adolescence, et de l'adolescence à l'état adulte.	Ny fahamatorana dia tsy tongatonga ho azy amin'izao na noho ny tsiambaratelon'ny fahalalana na avy amin'izay voafantina ara-panahy niaina ambony lavitra izay iombonana amin'ny kristiana. Ny fahatongavana amin'ny fahamatorana ara-panahy dia mandeha ho azy tsy ahitana krizy mampijaly amin'ny fahalehibiazana sy marika tsikaritra no sady manara-potoana hahafahana mampitaha ny fahazazana mankany amin'ny fahatorana ary ny fahatorana mankany amin'ny fahalehibiazana.
Point n'est besoin par conséquent de se prendre régulièrement le pouls spirituel, ni de se surveiller chaque matin au lever pour vérifier si, oui ou non, on a enfin atteint la maturité spirituelle. Probablement, ce sont les personnes qui nous connaissent de près qui sont les mieux placées pour observer et juger de notre progrès et de notre évolution dans le temps.	Araka izany, tsy ilaina akory ny mijery ny polsa (pulse) ara-panahy na miambina isa-maraina raha eny na tsia ka tojo ny fahamatorana ara-panahy. Ireo olona mety hahafantatra antsika bebe kokoa no afaka hahita sy hitsara ny fandrosoantsika sy ny fivoarantsika araky ny fotoana.
S'il faut parler maintenant du portrait-type du chrétien mûr, restons humbles et réalistes, sans quoi l'on pourrait aisément verser dans ·la présomption! Rien à voir avec la recette de cuisine de la ménagère à qui il suffit de mélanger les bons ingrédients (avec l'art et la manière bien évidemment !) pour obtenir un bon petit plat bien réussi. Si la maturité n'est pas une question de recette, ni de «truc », ni de« secret », sa présence ou son absence est néanmoins perceptible et se reconnaît à divers signes et qualités caractéristiques qui ne trompent pas.	Raha tokony horesahina izao izay ho bikabikan'ny kristiana matotra, aoka aloha hanetry tena sy ho marina tsy hitonantonanana any amin'ny fihamboana. Tsy misy ifandraisana amin'ny fanaovan-tsakafo akory fa afangaroy izay tsara hafangaro (miaraka amin'ny fahaizana manao sakafo) hahazoana ny sakafo tsara. Raha tsy resaka fanaovan-tsakafo iray (recette) na " fikafika kely"(truc) na tsiambaratelo ny fahamatorana, ny maha-izy azy, eny na tsia, dia hita ary fantatra amina marika maromaro sy toetra tsara tsy mamitaka.
Encore une mise en garde, cependant, pour montrer que tout n'est pas toujours aussi	Eto koa dia mila mitandrina fa ny miseho dia tsy voatery foana izay tapaka sy mazava ho

tranché ou évident qu'il y paraît: qui saura ici-bas décréter où s'arrête l'immaturité et où commence vraiment la maturité?	azy avy hatrany tahaka izay fitrangany : Iza eto ambany masoandro no hahay handidy hoe aiza no hitsahatra ny tsy fahamatorana ary aiza no manomboka ny tena fahamatorana ?
L'opportunité de l'image qui suit est de nature à relativiser notre propos. Lorsqu'un artisan tisse un ouvrage de broderie, le motif brodé n'apparaît pas du premier coup d'œil! Et lorsque l'on regarde l'envers, l'on voit essentiellement des bouts de fil de toutes les couleurs et dans tous les sens, ce qui donne plutôt une impression de désordre, d'incohérence et d'absence d'esthétique. Et pourtant, les vilains bouts de fil tout enchevêtrés à l'envers laissent apparaître à l'endroit le chef d'œuvre remarquable d'un motif esthétique qui ne peut passer inaperçu.	Ny hatsaran'ny sary izay ho hita dia mifanandrify amin'ny resaka atao. Rehefa ny mpiasa iray no manenona amboradara, tsy ho hita velively am-boalohany izay kasaina hatao ary rehefa mijery ny lafy ratsiny dia kofehy maro loko no tazana samy manana ny lalany tahaka ny hoe mikorontana ny fiheverana azy, tsy mifanaraka na tsy ampy hatsaran-tarehy kanefa ireny tapatapaka kofehy misafotofoto mivadika ireny no hampitranga ho azy ny asa vita ho mahaliana ka hahatonga azy ho tsara tarehy tokoa.
Pouvons-nous suggérer ici que le Seigneur est en train de tisser un ouvrage de choix et de maître dans notre vie : pour l'heure et ici-bas, nous ne percevons que l'envers de l'ouvrage et ne devinons peut-être pas encore les contours du motif qui apparaît bel et bien du côté de l'endroit, mais que nous ne découvrirons que bien plus tard.	Azontsika atolotra eto ve fa ny Tompo manao (manenona) asa voafidy sy kalaza eo amin'ny fiainantsika ? Hatramin'izao dia ny ambadiky (lafy ratsiny) ny asa ihany no hita ary tsy ho voavinavina angamba ny sisiny voadidina kofehy. Izany dia ho tazana any aoriana.
L'amour. Jésus a résumé l'essentiel de la Loi divine dans la maxime des deux grands commandements: « Tu aimeras le Seigneur, ton Dieu, de tout ton cœur, de toute ton âme, de toute ta pensée et de toute ta force » et « Tu aimeras ton prochain comme toi-même » (Marc 12 $^{30-31}$). La maturité, pour un chrétien, consiste donc à aimer Dieu et à aimer son prochain: vaste programme qui touche à tous les domaines de la vie!	***Ny fitiavana.*** Jesoa dia namintina ny lalàn'Andriamanitra amin'ireto didy roa lehibe ireto: " Koa tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra. Ary ny faharoa dia izao : Tiava ny namanao tahaka ny tenanao " Marka 12:30,31. Ny fahamatorana ho an'ny kristiana dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana : Programa midadasika mahenika ny lafim-piainana rehetra izany.
Pour pouvoir véritablement aimer Dieu et notre prochain, il nous faut faire confiance à l'Esprit de Dieu et Lui obéir. C'est donc la foi et l'obéissance qui déterminent notre	Mba hahafahana mitia marina an'Andriamanitra sy ny namana, tsy maintsy matoky ny Fanahin'Andriamanitra isika sy manaiky Azy. Ny Finoana sy ny Fankatoavana

sanctification qui sera d'autant plus développée que la présence et l'évidence du fruit de l'Esprit seront fortes dans notre vie personnelle. Ce fruit de l'Esprit exprime et représente l'essence de la Loi donnée par Moïse (les dix Commandements) qui se trouve enfin à portée humaine grâce au secours du Saint-Esprit qui libère dans la vie du chrétien l'énergie suffisante pour la mettre en pratique. Dépendance et obéissance sont les deux maître-mots: l'Esprit-Saint produira son fruit dans la mesure où le croyant dépendra de Lui et Lui obéira. « Le fruit de l'Esprit est: amour, joie, paix, patience, bonté, bienveillance, fidélité, douceur, maîtrise de soi » (Galates 5 [22]). Toutes ces qualités expriment donc l'essence même de la maturité chrétienne.

Vie personnelle avec Dieu.

La maturité spirituelle, découlant tout naturellement d'une relation personnelle avec Dieu, sera d'autant plus profonde que cette intimité sera entretenue et développée. La présence de Dieu « transpire» dans la vie d'une personne mûre qui inspire confiance, dégage sérénité et donne envie de Le connaître.

Vision de Dieu.

Une vision juste de Dieu produit une vision juste des choses avec une échelle de valeurs bien calée ... Le chrétien mûr voit les choses du point de vue de Dieu, dans Sa perspective à Lui et opère sur Sa longueur d'onde ... « Nous regardons, non point aux choses visibles, mais à celles qui sont invisibles, car les choses visibles sont momentanées, et les invisibles sont éternelles. » (2 Corinthiens 4 [18]) Cette considération permet de voir Dieu comme étant au-dessus de nos circonstances et assurément plus grand que nos problèmes!!! Ce chrétien-là a foi en la souveraineté de Dieu (Romains 8 [28]) ainsi

Azy no mamaritra ny FANAMASINANTSIKA izay hovelarina hatrany fa ny Fisiany sy ny Fihariharin'ny vokatry ny Fanahy no ho mafy eo amin'ny fiainantsika manokana. Io vokatry ny Fanahy io dia manambara sy maneho ny tena laläàn'i Mosesy (Didy Folo) eo am-pelantananan'ny olombelona noho ny famonjen'ny Fanahy Masina izay manafaka eo amin'ny fiainan'ilay kristiana ny hery ilaina hahafahana mampiasa azy. Fiankinana sy fankatoavana no teny roa mavesa-danja : Ny Fanahy Masina dia haneho ny asany rehefa miankina aminy sy mankato azy ilay mpino." Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharipo fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana " Galatiana 5:22. Ireo toetra tsara rehetra ireo dia fahamatorana kristiana avokoa.

Fiainana manokana miaraka amin'Andriamanitra

Ny fahamatorana ara-panahy izay mandeha ho azy amin'ny fifandraisan'ny olombelona amin'Andriamanitra dia ho lalina raha mbola ity fankahalana ity no ho voakolokolo sy hovelarina. Ny fisian'Andriamanitra dia mamoaka eo amin'ny fiainan'ny olona matotra ny Fahatokiana, ny Fitoniana ary ny hetaheta te hahalala Azy.

Fijery an'Andriamanitra

Ny fijery an'Andriamanitra marina dia vokatry ny fijery marina ny zavatra araka ny ambaratongany avy. Ny kristiana matotra dia mahita ny zavatra araka ny fijerin'Andriamanitra, ao amin'ny fahatahorana Azy ary miasa araka ny sitrapony. " Andeha ange jerena ny zavatra tsy hita fa tsy ny zavatra hita satria ny zavatra hita tsy maharitra fa ny zavatra tsy hita maharitra mandrakizay." 2 KOR 4:18. Io fiheverana io dia manome alalana antsika hametraka an'Andriamanitra ambony lavitra noho ny fiainantsika ary azo antoko fa ngeza kokoa noho ny olantsika !!!....Io kristiana io dia

qu'en sa puissance que rien ne peut limiter ni prendre de court! C'est face à l'épreuve, la maladie et dans l'adversité que se révèlent la nature et la qualité véritables de ma foi.	manana ny finoana ny fiandrianan'Andriamanitra sy ny heriny raha izay fotsiny mba tiana ambara. Rehefa miatrika ady (mafy), aretina, fahoriana no mipoitra ny toetra sy ny tena hatsaran'ny finoako.
Soumission à la Seigneurie de Christ. L'obéissance passe par la soumission pure et simple au Seigneur Jésus-Christ: « Si Jésus-Christ n'est pas Seigneur de tout, Il n'est pas Seigneur du tout ! » Il a son mot à dire dans toutes mes considérations et décisions : usage de mon temps libre, de mes vacances, de mon argent, de mes relations personnelles.	***Fanekena ny fanompoana an'i Kristy*** Ny Fankatoavana dia ny fanekena marina sy trotra izao an'i Jesoa Kristy ho Tompo : " Raha Jesoa Kristy no tsy Tompon'ny zavatra rehetra dia tsy Tompo velively akory Izy. " Manan-kolazaina izy eo amin'ny fanajako Azy manontolo sy ny fanapahan-kevitro : fampiasana ny ora tsy iasako, ny fialan-tsasatro, ny volako, ny fifandraisako manokana amin'ny olona.
Des convictions. C'est un homme de volonté qui obéit plus à la raison qu'à ses sentiments. On sait ce qu'il pense car il a des points de repère clairs, il a du caractère, il est solide et fiable ! Il ne se laisse pas ébranler par le courant ambiant qui prédomine (Ephésiens 4 [14]). Il n'est pas influençable, ni versatile, mais ferme et constant, à l'opposé d'un Achab ou d'un Manassé qui, pour avoir été trop influençables, ont sombré dans la déchéance .	***Fiekena maromaro*** Olona manam-piniavana no mankatoa kokoa amin'ny alalan'ny saina toy izay amin'ny alalan'ny fo. Tsapa ho misaina izy satria misy famantarana mazava, manana toetra izy, mafy izy ary azo antoka. Tsy dia ilay olona mora voatarika amin'ny zavatra iray. Tsy azo rebirebena na miovaova fa mafy sy maharitra izay mifanohitra amin'i Achaf sy Manassé fa mora voarebireby ka midaboka ho azy.
Mort à soi-même. Les plus grandes victoires à remporter sont toujours sur soi-même et non sur les autres! Et cela commence par la discipline personnelle sans laquelle aucun résultat n'est accessible : « *Souffre avec moi comme un bon soldat du Christ-Jésus. Il n'est pas de soldat en campagne qui s'embarrasse des affaires de la vie s'il veut plaire à celui qui l'a enrôlé, et l'athlète n'est pas couronné, s'il n'a combattu suivant les règles* » (2 Timothée 2 [3-5]). La maîtrise de soi est impossible sans la mort à soi-même : savoir renoncer à ses droits, à ses privilèges, à ses intérêts	***Fahafatesana ho an'ny tena*** Ny fandresena lehibe indrindra dia izay ho an'ny tena foana fa tsy ho an'ny hafa ! Izany dia miantomboka amin'ny fifehezana manokana raha tsy izany dia tsy hisy vokatra ho azo. " Miaramila tsaran'i Kristy Jesosy ianao, ka mba mahareta koa fahoriana. Tsy misy olona manao raharaha miaramila ka miditra amin'ny raharaham-barotr'izao fiainana izao, raha tiany ny hahazo sitraka amin'ilay nandray azy ho miaramila. Ary rehefa misy mandray anjara amin'ny lalao fifaninanana, dia tsy hahazo satroboninahitra raha tsy nanaraka ny fitsipi-dalao." 2 Timoty 2:3-5. Ny

personnels et rechercher plutôt le bien-être de l'autre, l'intérêt de la cause de l'Evangile ou de la volonté de Dieu demandent une grande maturité.	fifehezan-tena dia sarotra raha tsy misy ny fahafatesana ho an'ny tena : mahafoy ny zony, ny tombon-tsoany, ny fitadiavana izay mahasoa ny tena manokana ary mikaroka kokoa izay mahasoa ny hafa, ny tombony azo avy amin'ny filazantsara na ny sitrapon'Andriamanitra izay mitaky fahamatorana goavana.
Se connaître et s'accepter soi-même. L'expérience de la vie nous apprend à mieux nous connaître avec nos défauts et nos qualités: le chrétien mûr devient plus conscient de ses points forts comme de ses points faibles, de ses dons comme de ses lacunes. Il sait qui il est et qui il n'est pas, à l'exemple de Jean-Baptiste, il est conscient des limites de son appel, de ses dons comme de son ministère. Il a une juste opinion de lui-même, n'a pas besoin d'envier les autres au point d'en être jaloux ou d'en rechercher l'approbation. Il est naturel, sociable et sait se rendre vulnérable, sans cacher ses faiblesses. Il sait accepter les reproches sans se sentir blessé, ainsi que les louanges sans devenir orgueilleux.	***Fahafantarana ny tena sy fanekena ny tena*** Ny traikefan'ny fiainana dia mampianatra antsika hahafantatra ny tenantsika miaraka amin'ireo kilema sy ny tsara ao amintsika. Ny kristiana matotra dia tonga saina amin'ny heriny sy ny kilemany, ny fanomezany sy ny olany. Mahafantatra iza izy na tsy iza izy raha maka ohatra an'i Jaona Baptista : izy dia tonga saina fa misy fetra ny antsony, ny fanomezany tahaka izay asa nanirahana azy. Manana fomba fijerin'ny tenany izy, tsy mitsiriritra ny hafa sao hampialona na mikaroka fankasitrahana. Mandeha ho azy ny hoe mora hatonina sy mahay maneho fahavoazana ary tsy maafin-kilema. Tsy mahatsiaro voadona rehefa voatsikera ary tsy mieboebo rehefa voadoka.
Esprit de service. Le chrétien adulte est tourné vers les autres et n'est pas centré sur lui- même! Il a l'amour du prochain et recherche l'intérêt de son voisin. Ce chrétien-là s'épanouit comme une fleur au soleil à la différence de celui qui ne vit qu'en repli sur lui-même et finit par s'étioler. Ce chrétien mûr accepte d'assumer des responsabilités et n'hésite pas à payer de sa personne le prix de l'engagement au service du Corps de Christ. Des hommes et des femmes mûrs comme ceux-là ne peuvent passer inaperçus : ils font envie et non pitié!	***Saina ho an'ny asa*** Ny olon-dehibe kristiana dia mitodika any amin'ny hafa fa tsy mifototra amin'ny tenany. Manana ny fitiavana ny namana izy sy mikaroka ny mahasoa ho an'izay mifanolo-body rindrina aminy ombieny. Ny kristianina dia mivelatra toy ny voninkazo mahazo masoandro izay mifanohitra amin'ny olona miforitra amin'ny tenany ihany ary farany reraka koa. Io kristiana matotra io dia manaiky handray andraikitra ary vonona hiantoka ny tenany ho an'ny fanompoana ny asan'ny Vatan'i Kristy. Ny lehilahy maromaro sy ny vehivavy maromaro matotra tahaka izany dia ho hita eny foana ary mampitsiriritra fa tsy mampitsetsetra.

D'autres signes. En songeant à l'évolution de l'enfant et de l'adolescent ayant atteint l'âge adulte, on peut mentionner d'autres signes de maturité que l'on est en droit d'attendre chez une telle personne qui doit être capable de se nourrir seule et de construire sa vie personnelle. Savoir se défendre contre les agressions morales et se maintenir en bonne santé. Savoir prendre des décisions et reconnaître la voix de Dieu pour discerner sa volonté. S'investir dans la vie des autres pour les aider à aller plus loin qu'elles sont elles-mêmes parvenues. Réagir de la bonne manière face à l'injustice, l'incompréhension, la frustration, la critique, le découragement, l'adversité, la souffrance et l'échec comme le succès ... accepter de faire les choses qui sont de notre devoir, même si l'on ne se sent pas particulièrement porté à les assumer naturellement. A voir le sens de l'équilibre et du juste milieu, en refusant tout extrémisme (laxisme, perfectionnisme, légalisme ...)	***Marika hafa*** Rehefa maminavina ny fivoaran'ny ankizy sy ny tanora efa nahazo ny fahalehibiazana dia marika hafa mikasika ny fahamatorana no azo marihana sy antenaina amin'ny olona iray : mahavelona ny tenany irery izy sy mahay manamboatra irery ny fiainany manokana. Mahay miaro tena rehefa misy ady na famelezana ara-tsaina sy mahay miambina ny fahasalamany hatrany. Mahay manapa-kevitra sy mahafantatra ny feon'Andriamanitra hahafahana mahita ny sitrapony. Mandray anjara amin'ny fiainan'ny hafa hanampiana azy ireo handeha lavitra kokoa mihoatra noho izay efa vitany. Manohitra amin'ny fomba mendrika (na mihaja) ny tsy fahamarinana, ny tsy fahazoan-javatra, ny mampiferotra aina, ny tsikera, ny fahadisoam-panantenana, ny fahoriana, ny fijaliana ary ny tsy fahombiazana tahaka ny fahombiazana. Manaiky manao izay zavatra adidintsika, na dia tsapa manokana aza fa tsy isika mivantana no tokony hiantefana izany. Kendrena ny fifandanjana sy ny marimaritra iraisana (ny afovoany) ary mitsipaka ny mihao-pampana izaitsizy : mandefitra be, mitady ny lafatra be, manara-dalàna be...
Sur le plan psycho-affectif, la maturité émotionnelle consiste à savoir accepter la réalité telle qu'elle est, sans la subir par résignation; à accepter le changement et s'y adapter; à ne pas perdre ses moyens pour faire sereinement face à l'adversité sans désespérer ; à trouver plus de satisfaction à donner qu'à recevoir; à être apte à développer des relations humaines naturelles et satisfaisantes, et enfin à savoir communiquer l'amour à autrui.	Eo amin'ny lafiny fo sy saina, ny fahamatorana manentena dia manaiky ny zava-misy araka ny fitrangany sy tsy mizaka fandeferana ; manaiky fiovana sy mahay miaraka amin'izany ; tsy kivy an-dalana hanatrehana am-pitoniana ny loza (na fahoriana) tsy misy fanantenana ; mitady hatrany ny hanome fahafaham-po fa tsy ny omena fahafaham-po ; mahavita mandrakariva hampivelatra ny fifandraisana amin'ny samy olombelona araka ny tokony ho izy sy mahafa-po ary farany hahaizana mampita ny fitiavana amin'ny hafa.
DOMAINES OÙ NOUS DEVONS DÉMONTRER NOTRE MATURITÉ ET OÙ NOUS A VONS BESOIN DE GRANDIR.	**TOERANA TSY MAINTSY ANEHOANA NY FAHAMATORANTSIKA ARY AIZA ISIKA NO MILA MITOMBO**

Dans notre vie personnelle. La vie étant faite de tensions, il importe de trouver un équilibre raisonnable dans chaque domaine de la vie et entre tous les domaines de la vie. S'il est légitime d'avoir des points forts dans un domaine et naturel d'avoir des points faibles dans un autre, il ya un minimum à assurer dans chaque domaine, sans quoi l'équilibre de tout l'ensemble peut se trouver gravement compromis. D'où l'importance de savoir mettre de l'ordre dans ses priorités et dans sa vie personnelle.	***Eo amin'ny fiainana manokana*** Satria ny fiainana (feno) gidragidra, anjarantsika ny mitady marimaritra iraisana mety eo amin'ny lafim-piainana tsirairay avy sy eo amin'ny samy izy ireo hatrany. Raha ara-dalàna no ananana tombony (na hery) eo amin'ny zavatra iray ary mazava ho azy ny tsy fananana an'izany amin'ny zavatra hafa, misy zavatra tsy maintsy hajaina fara-faharatsiny raha tsy izany ny elanelam-panahy na ny marimaritra iraisana amin'ny zavatra rehetra dia mety ho fifanarahana mampidi-doza !!! Izay no maha-zava-dehibe hahaizana mandamina izay laharam-pahamehana sy ny fiainana manokana.
A quoi bon, par exemple, être habile artisan et exceller dans la fabrication d'une œuvre d'art mais ne pas savoir se contrôler et verser dans les abus de l'alcool ? « Celui qui est lent à la colère vaut mieux qu'un héros, et celui qui se domine vaut mieux que celui qui prend une ville. » (Proverbes 16 [32]) « Une ville forcée et sans murailles, tel est l'homme qui n'est point maître de lui même. » (Proverbes 25 [28]) La maîtrise de soi passe par le contrôle de ses appétits, de ses passions, de sa langue, de son temps, de son argent.	Inona, ohatra, izay fahakinganao sy fahaizanao miasa raha tsy mahay mifehy tena sy revo amin'ny toaka ianao ? " Tsara ny mahatsindry fo noho ny mahery, ary izay mahazaka ny fanahiny noho izay mahafa-bohitra." Ohabolana 16:32 " Tanàna rava tsy misy manda ny lehilahy tsy mahatsindry ny fanahiny." Ohabolana 25:28 Ny fifehezanao ny tenanao dia tonga hatrany amin'ny fifehezanao ny fahazotoanao homana, ny zavatra tianao, ny teninao, ny fotoananao ary ny volanao.
Dans notre vie de famille. « Tel est l'homme, telle est sa vie de famille ». La vie de famille est certainement le test révélateur de la maturité d'une personne, car c'est l'endroit par excellence où se dévoile le vrai moi, à son état brut et naturel. C'est le cadre où chacun doit honorablement assumer ses responsabilités et répondre aux attentes des autres membres de la famille selon la place qu'il y occupe et le rôle qu'il doit y jouer.	***Eo amin'ny fiainam-pianakaviantsika*** " Ny Rangahy iray no fiainam-pianakaviana iray." Ny fiainam-pianakaviana no sehatra iray isehoan'ny fahamatoran'ny olona iray. Io no toerana tsara indrindra hipoiran'ny maha-izy azy tsy misy fangarony ! Io no sehatra tokony hanatanterahan'ny tsirairay avy ny andraikiny am-panajana sy hanaovana izay andrasan'ny rehetra aminy araka ny maha-izy azy sy izay tokony hataony.
L'homme, par exemple, ne devra donc pas démissionner, ni fuir, mais assurer et assumer. Il devra donner une direction à son foyer, être l'époux qui veillera au bien-être de son épouse, être l'éducateur de ses enfants et	Ny lehilahy dia tsy mahazo miala na mitsoaka fa miantoka sy mandray andraikitra. Izy no mpitari-dalana ny tokantranony. Vady miambina izay hahasoa an-dRamatoa izy ; mpanetsiketsika fifandraisana mirindra eo

l'animateur de relations harmonieuses au sein de la famille ... Il ne devra donc pas négliger les besoins de sa propre famille, sans pour autant oublier les exigences de sa vie d'Eglise, sociale et professionnelle ... Car sinon, à quoi bon réussir à l'extérieur, si c'est pour échouer à l'intérieur ?	amin'ny sehatry ny fianakaviana ...Tsy azony atao ambanin-javatra izay ilain'ny ankohonany (fianakaviany) ary torak'izany koa ny eo amin'ny Fiangonana, ny fiaraha-monina ary ny asa.
Dans notre vie d'Eglise. La vie d'Eglise est le reflet de la vie personnelle et familiale des membres qui la composent, mais ne représente pour ainsi dire que le dixième de la face visible de l'iceberg, tant il est facile et possible de «jouer la comédie» à l'Eglise en paraissant sous un jour tout à fait différent de ce que l'on est en réalité à la maison ... Gare à l' hypocrisie religieuse et familiale qui nous guette tous !	***Eo amin'ny fiainam-piangonantsika*** Ny fiainam-piangonana dia taratry ny fiainana manokana sy ny fiainam-pianakaviana izay mamorina azy, raha tsy hilaza ny iray am-pahafolon'ny hita maso aho. Mora ny mody mihatsaravelatsihy any am-piangonana ka mampiseho fa tsy tahaka ny any an-trano ianao. Tandremo fa ny fihatsarambelatsihy ara-pinoana sy ara-pianakaviana dia mitily antsika.
Quelle place représente pour moi l'église locale et quel rôle suis-je disposé y jouer? Le propre du chrétien immature est de considérer l'église locale comme un lieu de *consommation* où l'on ne fait que recevoir plutôt qu'un lieu de *production* où l'on contribue avec ce que l'on a à offrir Pourtant, dans l'Eglise (comme dans le mariage, d'ailleurs), on en retire ce qu'on y met! Ah, si chacun y jouait son rôle et y tenait sa place, on n'y trouverait plus « quelques surmenés ... obligés de se démener pour ceux qui refusent de se remuer... » !	Inona ho ahy ny Fiangonana misy ary inona no andraikitra tokony hosahaniko ? Ny toetran'ny kristianina tsy matotra dia mihevitra ny Fiangonana misy ho toeram-pandaniana izay andraisana fotsiny fa tsy toeram-pamokarana andraisana anjara amin'izay azo atolotra. Ao amin'ny Fiangonana anefa (toy ny fanambadiana), izay nentinao tao ihany no esorina aminao. Raha ny tsirairay no mandray ny andraikiny sy amin'ny toerany dia tsy hahita intsony isika an'ireo vitsivitsy misasatra mafy ka voatery mikofoka ho an'izay tsy te hanao na inona na inona.
Dans nos relations les uns avec les autres. L'être humain étant un être social, la vie est faite de relations. Les relations humaines peuvent apporter les plus grandes joies dans la vie si elles sont bien gérées, tout comme elles peuvent devenir la cause des plus grandes frustrations si elles ne sont pas satisfaisantes. Elles constituent à la fois la plus grande bénédiction potentielle et le plus grand défi à affronter qui demande un gros investissement personnel, de la persévérance et de nombreux sacrifices. Le chrétien mûr	***Eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa*** Ny olombelona dia olon'ny fiaraha-monina ; ny fiainana dia fifandraisana. Ny fifandraisantsika dia mety hitondra ny hafaliana lehibe indrindra eo amin'ny fiainana raha haintsika tsara ny mifehy an'izany fa mahafaty antoka be kosa raha tsy mahafa-po. Sady fitahiana ngeza indrindra mahery no fanamby ngeza indrindra izay mitaky goavana ny herinao manontolo, faharetana sy fahafoizan-tena maromaro. Ny kristianina matotra dia hitsipaka ny lolom-po fa hiady amin'ny fanafintohinana, fialonana,

refusera la rancune et combattra la susceptibilité, la jalousie, l'esprit critique, de jugement, de comparaison ou même de vengeance personnelle.	saina mitsikera, fitsarana, fampitahana na ny valifaty manokana.
Dans les circonstances difficiles de la vie.	***Eo amin'ny ady mafy atrehana amin'ny fiainana***
Quand tout va bien pour moi, les autres (et moi-même) ne découvrent qu'une partie de moi-même (la plus avantageuse). C'est lorsque tout va mal pour moi qu'ils peuvent découvrir toute la vérité ou le véritable moi! S'il est vrai que nous ne pouvons jamais présager de nos réactions futures face à telle ou telle circonstance, la grande question qui a valeur de test est de savoir comment je réagirais en butte à l'adversité, dans l'épreuve, la maladie, la souffrance, la solitude, face à la tentation, la frustration, la difficulté ... ?	Rehefa mandeha tsara ny fiainako, ny hafa (sy ny tenako) dia tsy mahita afa-tsy ny ampahany iray amin'ny fiainako (tsara kokoa izay) fa rehefa tsy mandeha ny fiainako dia izay vao hitan'ny olona ny tena marina sy ny tena izaho marina. Raha marina fa tsy haintsika ny maminavina izay ho fihetsitsika ho avy manoloana ny toe-javatra iray, ny fanontaniana ngeza sy manan-danja dia ny hoe : Ahoana no anoherako mafy ny fahoriana, ny sedra, ny aretina, ny fijaliana, ny fitoerana irery, ny fakam-panahy, ny faty antoka, ny sarotra....?
A en croire l'expérience d'Abraham relatée dans Genèse 22 (où il doit offrir l'enfant de la promesse), plus on avance dans notre marche avec le Seigneur, plus Il nous demande des choses difficiles qui nous coûtent et nous poussent dans nos retranchements, et qu'Il utilise à la fois pour nous tester et nous faire grandir dans la sanctification. «C'est pourquoi je me plais dans les faiblesses, dans les outrages, dans les privations, dans les persécutions, dans les angoisses, pour Christ,. en effet, quand je suis faible, c'est alors que je suis fort. » (Corinthiens 12 [10]).	Raha inoana ny traikefan'i Abrahama voambara ao amin'ny Genesisy 22 (tsy maintsy manolotra ny zanaky ny fampanantenana izy) dia arakaraka ny hirosoana mankany amin'ny Tompo no anatrehantsika ady mafy lafo sy mitarika any amin'ny fanesorana antsika ary ampiasainy izany hitsapana antsika ombieny sy hampitombo ny fanamasinantsika. " Koa dia finaritra aho amin'ny fahalemena, amin'ny fampahoriana, amin'ny fahaterena, amin'ny fanenjehana, amin'ny fahantrana, noho ny amin'i Kristy ; fa ny fahalemeko no fahatanjahako." (2. Korintiana 12 [10])
Dans notre vision du présent et de l'avenir.	***Eo amin'ny fomba fijerintsika ny ankehitriny sy ny hoavy***
Au travers des événements qui se produisent présentement dans notre monde, il est important de savoir discerner le sens de l'Histoire, d'un point de vue biblique, et de développer une philosophie de l'existence et un style de vie en conséquence.	Eo amin'izay zava-mitranga eo amin'ny tontolo iainantsika, zava-dehibe ny mahay manavaka ny hevitry ny Tantara araka ny Baiboly sy mamelabelatra ny filozofian'ny fisiana sy ny fomba fiaina aterak'izany.

D'autant que vous savez en quels temps nous sommes: c'est l'heure de vous réveiller enfin du sommeil, car maintenant le salut est plus près de nous que lorsque nous avons cru. La nuit est avancée, le Jour approche. Dépouillons-nous donc des œuvres des ténèbres et revêtons les armes de la lumière. Marchons honnêtement, comme en plein jour, sans excès de table ni de boisson, sans luxure ni dérèglement, sans discorde ni jalousie. Mais revêtez vous du Seigneur Jésus-Christ, et ne vous mettez pas en souci de la chair pour en satisfaire les convoitises (Romains 13 [11-14]).	*Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny fahatoriana ; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamin'ny andro vao ninoantsika. Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan' ny maizina fa hitafiantsika ny fiadian'ny mazava. Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin'ny andro ; tsy amin'ny filalaovan-dratsy, na amin'ny fahamamoana, tsy amin'ny fijangajangana, na amin'ny fijejojejoana, tsy amin'ny fifandirana, na amin'ny fialonana. Fa itafio Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahy ny amin'ny nofo hahatanteraka ny filany.* (*Romana 13* [11-14])
Veillez donc avec soin sur votre conduite, non comme des fous, mais comme des sages ; rachetez le temps, car les jours sont mauvais. C'est pourquoi ne soyez pas sans intelligence, mais comprenez quelle est la volonté du Seigneur. Ne vous enivrez pas de vin: c'est de la débauche. ***Mais soyez remplis de l'Esprit ...*** *(Ephésiens 5 [15-18]).*	*Koa tandremo tsara izay fandehanareo mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka araraoty ny andro azo anaovan-tsoa fa ratsy izao fiainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo. Ary aza ho mamon-divay hianareo fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy.* ***Fa aoka hofenoina ny Fanahy.*** (*Efesiana 5* [15-18])
De telles considérations nous pousseront à examiner avec soin et vigilance l'emploi de notre temps comme de nos ressources, notre carrière professionnelle, notre engagement au sein de l'église locale et notre souci de contribuer d'une manière ou d'une autre à l'extension du Royaume de Dieu sur notre planète Terre.	Ny fiheverana toy izany no manosika antsika handinika am-pitandremana ny fampiasana ny fotoanantsika tahaka ny volantsika, ny asantsika eo anivon'ny Fiangonana misy antsika ary ny ahiahintsika izay mandray anjara, na mivantana na an-kolaka, amin'ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra eto amin'ny planetantsika Tany.
COMMENT GRANDIR DANS LA MA TURITÉ CHRÉTIENNE?	**AHOANA NO ITOMBOANA AO AMIN'NY FAHAMATORANA KRISTIANINA ?**
Comme nous l'avons déjà souligné, il n'existe pas de raccourci qui permette d'accéder d'un seul coup à la maturité. Il est vrai néanmoins que certains chrétiens grandissent plus rapidement que d'autres. Cela tient	Tahaha ny efa nomarihantsika dia tsy misy làlana manivaka hahatongavana any amin'ny fahamatorana. Marina fa ny kristianina sasany dia mitombo kokoa noho ny hafa. Tonga ho azy izany amin'ny fahaizany manatsoaka

essentiellement au fait qu'ils apprennent plus docilement à tirer profit des épreuves et des tests que le Seigneur leur envoie dans la vie de tous les jours : par leur réaction de soumission et d'obéissance habituelles, ils collaborent activement avec le Seigneur dont l'intention pédagogique se réalise plus facilement et plus rapidement.	lesona tamin'izay zavatra nahazo azy na nidona taminy sy ny fitsapana alefan'ny Tompo ho azy ireo eo amin'ny fiainana isan'andro : avy amin'ny alalan'ny fanoherana ny fanekena, ny fankatoavana mahazatra, mandray anjara mavitrika ao amin'ny Tompo izy sy manana eritreritra ny fampianarana mora kokoa sy haingana kokoa.
C'est ainsi que Job, par exemple, dont la foi fut sévèrement testée découvrit la Personne de Dieu dans une dimension autrement plus profonde et intime que s'il n'avait pas eu à traverser cette étape difficile, même s'il n'était pas informé complètement des raisons et de l'enjeu de sa mise à l'épreuve.	Joba, izay voasedra mafy ny finoany, dia tsy nahalala an'Andriamanitra tamin'ny fomba hafa lalina kokoa sy tiana raha tsy nisedra ny mafy, na dia tsy nolazaina azy aza ny antony sy ny sedra ho atao aminy.
Il faut six semaines pour qu'une courge se mette à pousser, tandis qu'un chêne met soixante à quatre-vingts ans pour arriver à maturité ... Pendant les quarante premières années de sa vie, Moïse a été élevé dans la sagesse des Egyptiens, ce qui lui donna l'illusion d'être quelqu'un que Dieu pourrait utiliser. Dans la deuxième tranche de sa vie, qui dura également quarante ans, Dieu l'envoya garder les moutons pour le faire mourir à ses illusions. Ce n'est qu'à l'âge de quatre-vingts ans et dans les quarante dernières années de sa vie que Moïse a pu entrer au service de Dieu et de son peuple. Quel itinéraire le Seigneur ne lui a-t-Il pas fait parcourir en guise de préparation au grand ministère qu'Il lui réservait dans la dernière partie de sa vie!	Mila enina herinandro vao mitsiry ny voatavo ary ny oaka dia enimpolo kahatramin'ny valompolo taona vao matotra...Mosesy dia nobeazina tamin'ny fahendren'ny Egyptianina nandritra ny efapolo taona voalohany ny fiainany ka niteraka fahadisoan-kevitra tao aminy izany fa olona azon' Andriamanitra ampiasaina izy. Teo amn'ny fizarana faharoa ny fiainany izay naharitra efapolo taona ihany koa dia nalefan'Andriamanitra hiandry ondry izy mba hialan'ny hevi-disony. Efapolo taona izy sy tamin'ny efapolo taona farany ny fiainany vao afaka niasa ho an'Andriamanitra izy sy ny vahoakany. Lalana manao ahoana no nodiaviny hanomanana ny asa lehibe izay napetraky ny Tompo aminy eo amin'ny fizarany farany ny fiainany ?
Que ce soit dans le domaine naturel ou spirituel, tout processus de maturation demande un certain laps de temps qui ne peut être écourté en-deçà d'un minimum irréductible. Notre souci constant doit être de « progresser dans l'obéissance au Seigneur Jésus-Christ » (2 Pierre 3 [18]) et de « croître dans la connaissance de Dieu» (Colossiens I [10]). Paul exhortait le jeune Timothée afin que «	Na eo amin'ny sehatra vao-janahary na ara-panahy, ny fahamatorana dia mitaky fotoana tsy azo hafohezina na hakelezina. Ny ahiahintsika mafy dia ny hirosoana any amin'ny fankatoavana ny Tompo Jesoa Kristy (2 Petera 3:18) sy ny hitomboana amin'ny fahalalana an'Andriamanitra (Kol 1:10). Paoly dia nampirisika an'i Timoty kely mba ny fandrosoany hiharihary ho an'ny rehetra.(1.

ses progrès soient évidents pour tous » (1 Timothée 4 [15]).	Timoty 4 [15]).
La croissance chrétienne est donc étroitement liée à l'obéissance, et non aux circonstances: c'est une question de volonté déterminée à persévérer dans la soumission à la volonté de Dieu.	Ny fitomboana kristianina dia mifamatotra akaiky amin'ny fankatoavana fa tsy amin'izay zava-nitranga. Resaka finiavana marina ny haharitra amin'ny fanekena ny sitrapon'Andriamanitra.
Nous pouvons donc nous considérer comme étant en cheminement et en mouvement sur le chemin de la maturité chrétienne dont nous ne pouvons jamais prétendre avoir atteint le but ici-bas (Philippiens 3 [12-14]). Nous parvenons néanmoins à des niveaux différents de maturité, comparables aux différents stades de développement de la personne, ainsi que l'apôtre Jean le souligne dans sa première épître (2. 12-14) quand il parle de l'enfant (stade du tout nouveau converti), de l'adolescent (stade du jeune chrétien non parvenu à maturité), de l'adulte (niveau du chrétien expérimenté marchant par l'Esprit) et du vieillard (aîné et conseiller spirituel).	Afaka mihevi-tena isika fa an-dalana na efa mihetsika ho any amin'ny fahamatorana kristianina izay tanjona tsy azo ihamboana fa ho tratra na ho tody eto an-tany. (Fil 3:12-14). Na izany aza anefa dia tonga amina zanatohatra samihafan'ny fahamatorana isika izay azo ampitahaina amin'ny ambaratonga samihafan'ny fivelaran'ny maha-olona araka izay marihan'i Jaona Apostoly ao amin'ny boky voalohany 2:12-14 rehefa miresaka ny ankizy izy (ambaratonga vaovao vaoova), ny fahatanorana (ambaratongan'ny tanora kristianina tsy tonga amin'ny fahamatorana), ny fahalehibiazana (ambaratongan'ny kristianina manana traikefa sy mandeha araka ny Fanahy) ary ny fahanterana (zoky sy mpanolotsaina ara-panahy).
Notre responsabilité consiste à « demeurer en Lui» selon la belle formule de Jean 15.4, et sa responsabilité à Lui (qui est une promesse !) est de « demeurer en nous ». Il nous faut faire confiance à Sa promesse ainsi qu'à l'action du Saint-Esprit dont le désir le plus cher est de nous faire ressembler au Christ-Jésus en personne: «nous sommes transformés en la même image, de gloire en gloire, comme par le Seigneur, l'Esprit » (2 Corinthiens 3 [18]).	Ny andraikitsika dia ny " mitoetra ao Aminy" araka ny voalazan'i Jaona 15:4 ary ny andraikiNY(izay teny fampanantenana !) dia ny " Mitoetra ao amintsika". Tsy maintsy atokisantsika ny teny fampanantenana sy ny asan'ny Fanahy Masina izay maniry fatratra ny hitovizantsika amin'i Kristy Jesoa olona : " ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra, toy ny amin'ny Tompo dia ny Fanahy." (2 Korintianina 3 [18])
Rappelons haut et fort, en terminant, que la maturité chrétienne n'est nullement réservée à une élite spirituelle bien particulière, mais accessible et disponible pour chaque enfant de Dieu. C'est le plan de Dieu pour chaque croyant qui constitue la vie chrétienne normale	Tsarovy tsara mihitsy eto am-pamaranana fa ny fahamatorana kristianina dia tsy natokana fotsiny ho an'ireo voafantina ara-panahy fa ho an'ny zanak'Andriamanitra tsirairay avy. Fikasan'Andriamanitra ho an'ny mpino tsirairay avy ny hananany fiainana kristianina

que Dieu nous offre et met à notre disposition en Christ: à nous de la saisir à pleines mains en se l'appropriant par la foi !	ara-dalàna izay natolotry ny Ray antsika sy napetrany eo am-pelantanantsika ao amin'ny Tompo. Anjarantsika no mitazona izany mafy amin'ny finoana !
Soyons rassurés et prenons courage: notre Père céleste, qui désire notre croissance par dessus tout, est fidèle et Il tiendra parole! C'est pourquoi, Paul pouvait affirmer en toute quiétude aux Philippiens (1.6) : « ***Je suis persuadé que Celui qui a commencé en vous une œuvre bonne en poursuivra l'achèvement jusqu'au jour du Christ-Jésus ». Oui, « que le Dieu de paix vous sanctifie Lui-même tout entiers; que tout votre être, l'esprit, l'âme et le corps, soit conservé sans reproche à l'avènement de notre Seigneur Jésus-Christ! Celui qui vous a appelés est fidèle, et c'est lui qui le fera*** » (Thessaloniciens 5 [23-24]).	Matokia ! Mahereza ! Ny Raintsika any an-danitra izay maniry ny fandrosoantsika lavitra noho ny zavatra rehetra dia tsy mivadika sy mitazona ny teniny : " ***Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesoa Kristy Tompontsika. Mahatoky izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany***." (1Tesaloniana 5 [23-24]).
Ma prière.	Ny Vavako.
«Donne-moi, Seigneur, la/orce d'accepter les choses que je ne peux plus changer dans ma vie, la volonté de changer celles que je dois changer et la confiance pour te laisser changer celles que tu veux changer. Donne-moi le courage de persévérer au travers de mes difficultés ainsi que la patience pour Te laisser me transformer à la ressemblance toujours plus grande du Seigneur Jésus-Christ. Mais, quoiqu'il advienne Seigneur, accorde-moi le désir toujours plus fort de t'aimer par dessus tout. »	“Omeo ahy, ry Tompo, ny hery hanekeko ny zavatra tsy afako (azoko) ovana eo amin'ny fiainako, ny finiavana hanova izay tsy maintsy ovana ary ny toky hamelana Anao hanova izay tianao hovana. Omeo herim-po aho hahazakako ny mafy sy ny faharetana mba hamelana Anao hanova ahy hitovy kokoa hatrany amin'ny Tompo Jesoa Kristy. Fa n'inona n'inona mitranga, Tompo ô, ao amiko (omeo ahy ny faniriana) mandrakariva koa anie ny hitia anao lavitra noho ny zavatra rehetra. Amena “.

Extrait du livre



Dikanteny :

Eric RAKOTOMALALA (06.99.04.99.64 - rakotomalala_eric@yahoo.fr)

Vaomieran'ny Fampihavanana:

Pasteur Désiré ANDRIAMAMPIANINA (06.11.08.16.74 - desireandriam@voila.fr)
Tiana RADISON (06.16.28.50.46 - t_radison@yahoo.fr)
Ertz RAKOTOMALALA (06.86.96.54.99 - ertz.rakotomalala@wanadoo.fr)